Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

MITADIAVA AN'I TOMPO DIENY MBOLA HITA IZY

Teksta : Matio 6,24-34
« Mitahy Izy koa aza manahy »
Mitarika : Pst Jean Teddy Ramaherijaona

Fiarahabana

Hira AMF

Salamo voalahatra anio (faha-81)
« Mihobia ho an'Andriamanitra herintsika; manaova feo fifaliana ho an'Andriamanitr'i Jakoba.
Asandrato ny hira, ka velezo ny ampongatapaka, ary tendreo ny lokanga mahafinaritra mbamin'ny valiha.
Tsofy ny anjomara amin'ny volana; eny, amin'ny feno-volana, dia amin'ny andro firavoravoantsika.
Fa lalàna ho an'ny Isiraely izany, ary fitsipik'Andriamanitr'i Jakoba.
Notendreny ho vavolombelona eo amin'i Josefa izany, raha nandeha namely ny tany Egypta Izy; nandre teny tsy fantatro aho.
Nampiala ny sorony tamin'ny entana Aho; nitsahatra tsy nitondra sobiky ny tànany.
Fony azom-pahoriana ianao, dia niantso Ahy, ka namonjy anao Aho; namaly anao tao amin'ny fiafenan'ny kotrokorana Aho, ary nizaha toetra anao tao amin'ny ranon'i Meriba.
Mihainoa, ry oloko, dia hambarako aminao; enga anie hihaino Ahy ianao, ry Isiraely.
Aza asiana andriamani-kafa eo aminao; ary aza mivavaka amin'ny andriamanitry ny firenena hafa.
Izaho no Tompo Andriamanitrao,
Izay nitondra anao niakatra avy tany amin'ny tany Egypta; atanatanao ny vavanao, dia hofenoiko.
Fa tsy nihaino ny feoko ny oloko; ary ny Isiraely tsy nankato Ahy;
Ka dia navelako hanaraka ny ditry ny fony Izy, handehanany manaraka ny fisainan'ny tenany. Enga anie ka hihaino Ahy ny oloko, dia handeha amin'ny lalako ny Isiraely; Vetivety dia hampietry ny fahavalony Aho, ka hamerina ny tanako hamely ny rafiny;
Izay mankahala an'i Tompo dia hikoy aminy, ka dia haharitra mandrakizay ny andron'ny oloko;
Ary hampihinana azy vary tsara indrindra Izy; eny, tantely avy amin'ny vatolampy no hamokisako anao. »

Vavaka (fanombohana)

Vakiteny 24 *Tsy misy olona mahay manompo tompo roa; fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy Mamôna ianareo*.

Fanazavana 1
Maniry hivavaka amin'Andriamanitra ny kristiana
kanefa mahazo toerana ao am-pony ihany koa ny fitiavam-bola aman-karena izay tsy foiny.
Diso eo anatrehan'i Tompo isika ary taominy indray hikatsaka ny tavany anio.

Hira : 479, 1-2-3 « Jeso no anjara soa »

1. Jeso no anjarasoa
lzay mahafa-po tokoa,
Soa tsy manam-paharoa,
Ahy Jeso : Ampy izay.

Fiv : Ahy Jeso hatrety
Ahy Jeso hatrary
Ahy Jeso Zoky tia
Mandrakizay doria, doria.

2. Vola sy harena be
Maro tia tokoa anie;
Nefa mamiko ny hoe:
Ahy Jeso: Ampy izay.
Ahy Jeso hatrety, sns…

3. Fahefana, laza soa
Mahafatifaty koa;
Nefa izao no tena soa:
Ahy Jeso: Ampy izay,
Ahy Jeso hatrety, sns…

Vavaka (fifonana)

Vakiteny 2

25 *Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Aza manahy ny amin'ny ainareo, dia izay hohaninareo na izay hosotroinareo, na ny amin'ny tenanareo, dia izay hotafinareo. Moa ny aina tsy mihoatra noho ny hanina va, ary ny tena noho ny fitafiana?*
26 *Tsinjovy ny voro-manidina, fa tsy mba mamafy, na mijinja, na mitaona ho any an-tsompitra ireny; ary ny Rainareo Izay any an-danitra mamelona azy. Moa tsy mihoatra lavitra noho ireny va ianareo?*
27 *Ary iza ao aminareo, na dia manahy aza, no mahay manampy ny andro hiainany na dia kely monja aza?*
28 *Ary nahoana no manahy ny amin'ny fitafiana ianareo? Diniho tsara ny fanirin'ny voninkazo any an-tsaha; tsy mba miasa na mamoly ireny* ;
29 *nefa lazaiko aminareo fa na dia Solomona tao amin'ny voninahiny rehetra aza tsy mba nitafy tahaka ny anankiray amin'ireny*.
30 *Ary raha ny ahitra any an-tsaha, izay any ihany anio ka hatsipy ao am-patana rahampitso, no ampitafin'Andriamanitra toy izany, tsy mainka va ianareo, ry kely finoana?*
31 *Dia aza manahy ianareo ka manao hoe: Inona no hohaninay? na: Inona no hosotroinay? na: Inona no hotafinay?*
32 *Fa izany rehetra izany dia katsahin'ny jentilisa fatratra; fa fantatry ny Rainareo Izay any an-danitra fa tokony ho anareo izany rehetra izany*.

Fanazavana 2
Maka ny fotoana sy ny herin’ny mino ny tsi-finoany
ny amin’ny fanatrehan’Andriamanitra azy.
Akaiky antsika anefa ny Tompo raha mandinika ny zavabohariny isika

Vavaka (fisaorana an’Andriamanitra noho ny hatsaran’ny zavabohary
sy ny fanomezam-pahasoavana marobe mandrakotra ny mino
sy ny fiangonana ary izao tontolo izao)

Vakiteny
33 *Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany.*

Fanazavana 3
Akaiky antsika i Jesoa Kristy, ary ny Fanjakany dia eo anivontsika.
Inona no andrasan'i Tompo aminao àry ?

Vavaka (fo matoky, mahafoy izay filana tombony ho an'ny tena @ izao fiainana izao)

Hira : « omeo fo mino » (AMF)
Ray ô, tariho sy hamasino
Mba sakambino 'zahay zanakao
Hianao ry Rainay no antenainay
Hambomba anay
Omeo fo mino tsy hanadino
Anao ry Rainay, ho mandrakizay

Jeso ô, mpamonjy
Ry mofon'aina
Ô mba vokiso, ny fanahinay
Fa manantena ny famonjena
Hatolotrao
Omeo fo mino tsy hanadino
Anao mpamonjy, ho mandrakizay

Ô ry Fanahy, fanahin'ny Ray
Bitsibitsiho ny fanahinay
Ô mba tsilovy, dia mba arovy
'Zao lalanay
Omeo fo mino tsy hanadino
Anao Fanahy, ho mandrakizay

Vakiteny
34 *Ary amin'izany dia aza manahy ny amin'ny ampitso ianareo; fa ny ampitso hanahy ny azy. Ampy ho an'ny andro ny ratsy miseho ao aminy*.

Fanazavana 4

Hira : 428, 4 « Reko izao ry Tompo »
4. Reko izao ny toky hoe : "Momba ahy Hianao"
Ry Jesosy Tompo sy Zoky, vonona aho izao
Inty! Inty! Inty aho Jeso!
Inty! Inty! Iraho ho aho Jeso!
Ekeko re ny ho miaramilanao
Ho vonona hanao ny sitrakao, ka iraho!

Vavaka (fanavaozana ny fanolorantena ho an'Andriamanitra)

Hira : FF 24 « o mahereza, fa ny Tompo momba anao »
1. Miainga, mazotoa,
Mikeleza aina koa
Mivavaha, mivavaha,
Ho an'izao tontolo izao
Mijoroa, mitoria,
Mamafaza Teny Soa
Fa ny Tompo be fitia
No manohana anao
Sarotra ny lalanao

Kanefa matokia tokoa
Andrandrao ny masonao
Fa mbola ao ny Tompo soa
Izy no aminao
Ka hampandresy izao
0! mahereza fa ny Tompo
Momba anao

2. Mandrosoa, miasà,
Tano ny finoanao
Aza mba matahotra
Na manahinahy izao
Miadia, mitafia
Ny firaisan-tsaina soa
Fa ny fahavalonao
Dia handositra tokoa
Aza kivikivy foana
Fa ny Tomponao dia ao
Mampahery lalandava
Ary koa tsy mba mandao
Izy no aminao
Ka hampandresy anao
0 ! mahereza fa ny Tompo
Momba anao

Vavaka (fitalahoana)

Hafatra sy tsodrano ary fanirahana
Filipiana 4,19-20

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen.
Mandehàna amin'ny fiadanana ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana!
Isaorana anie Andriamanitra.